

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
**Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana**

**LOI n° 2007- 002**

**autorisant la ratification de l'Accord entre le Gouvernement de la  
République de Madagascar et la Commission Européenne sur l'établissement  
ainsi que les privilèges et immunités de la Délégation  
de la Commission Européenne**

**EXPOSE DES MOTIFS**

La Communauté Economique Européenne ou CEE a été instituée par le Traité de Rome le 25 mars 1957. Un de ses objectifs a été d'établir une relation de coopération avec les pays d'Afrique, des Caraïbes et du Pacifique, ayant comme dénomination le Groupe ACP, afin de promouvoir et d'accélérer leur développement économique, culturel et social.

Depuis le Traité de Rome, divers Conventions et Accords ont été signés entre les pays ACP et la CEE devenue aujourd'hui l'Union européenne.

Le Fonds Européen de Développement ou FED est un instrument de financement de l'Union européenne des programmes de développement des pays ACP.

La coopération entre Madagascar et l'Union européenne existait déjà depuis 1959, date à laquelle notre pays bénéficiait déjà du premier financement FED et elle n'a cessé de se renforcer.

Il convient de souligner que l'Union européenne est le premier bailleur de fonds de Madagascar en terme de financement des différents programmes de développement.

Afin de faciliter la réalisation des objectifs des Accords de coopération ACP-UE, un Accord d'établissement ainsi que les privilèges et immunités de la Délégation de la Commission Européenne a été signé entre le Gouvernement de la République de Madagascar et la Commission Européenne le 22 avril 1991.

Toutes les dispositions de l'accord sont applicables dès sa signature, à titre provisoire. Toutefois, elles n'entreront définitivement en vigueur, que lorsque les autorités compétentes de Madagascar auront notifié la Délégation de la Commission européenne de l'accomplissement de la procédure de ratification dudit Accord et ce, conformément à l'article 7 dudit Accord.

Tel est, l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LOI n° 2007- 002**  
**autorisant la ratification de l'Accord entre le Gouvernement de la**  
**République de Madagascar et la Commission Européenne sur l'établissement**  
**ainsi que les privilèges et immunités de la Délégation**  
**de la Commission Européenne**

Le Sénat et l'Assemblée nationale ont adopté en leur séance respective en date du 11 mai 2007 et du 29 mai 2007, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier** - Est autorisée la ratification de l'Accord entre le Gouvernement de la République de Madagascar et la Commission Européenne sur l'établissement ainsi que les privilèges et immunités de la Délégation de la Commission Européenne.

**Art. 2** - La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Antananarivo, le 29 mai 2007

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE PRESIDENT DU SENAT,

**MAHAFARITSY Samuel Razakanirina**  
**RAKOTOMAHARO**

**RAJEMISON**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LALANA LAHARANA FAHA-2007 - 002**

**manome alalana ny fankatoavana ny fifanarahan'ny Governemantan'ny  
Republikan'i Madagasikara sy ny Vaomiera Eoropeana momba ny fijoroana sy  
ny tombondahiny ary ny zo tsy azo tohinin'ny Solontena ny Vaomiera  
Eoropeana**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ny Vaomiera ara-toekarena eoropeana, « Communauté Economique Européenne » na « CEE » dia nijoro araka ny Dinan'i Roma tamin'ny faha-25 martsa 1957. Iray amin'ireo tanjona kendreny dia ny hametrahana fifandraisana ara-piaraha-miasa amin'ny firenena ao Afrika, Karaiba su Pasifika izay mitondra ny anarana hoe « Vondrona ACP » hampiroborobo sy hanafaingana ny fifandraisana ara-toekarena, koltoraly ary sosialy.

Nanomboka tamin'ny Dinan'i Roma dia fifanarahana samihafa no efa vita sonia teo amin'ny ACP sy CEE izay antsoina hoe vondrona eoropeana amin'izao fotoana izao.

Ny tahirim-bola eoropeana ho an'ny fampandrosoana na « FED » no fitaovam-pamatsiana ireo fandaharan'asa fampandrosoana ireo tany ACP.

Efa tamin'ny 1959 no nisian'ny fifandraisana teo amin'ny Madagasikara sy ny Vondrona eoropeana izay tsy nitsahatra niroborobo hatramin'izao. Io taona io no nahazoan'i Madagasikara famatsiam-bola voalohany tamin'ny FED.

Tsara ho marihina fa ny Vondrona eoropeana no mpamatsy vola voalohany an'i Madagasikara raha ny lafny fandaharan'asa fampandrosoana no asian-teny.

Mba hanamorana ny fanatanterahana ny tanjon'ny fifanarahana ara-piaraha-miasa eo amin'ny ACP sy ny Vondrona eoropeana dia nosoniavin'ny Governemantan'i Republikan'i Madagasikara sy ny Vaomiera eoropeana tamin'ny faha-24 aprily 1991 ny fifanarahana momba ny fijoroana sy ny tomondahiny ary ny zo tsy azo tohinina ny Solontenan'ny Vaomiera eoropeana.

Ny fepetra rehetra ao anatin'io Fifanarahana io dia ampiharina avy hatrany, ary hamehana ihany, raha vao vita ny sonia. Araka ny andininy faha-fito-n'ny fifanarahana dia manankery tanteraka izy ao aorian'ny fampahafantarana ny Manampahefana Malagasy ny fahatanterahan'ny fombafomba rehetra ho amin'ny fankatoavana io fifanarahana io.

Izany sy izany no antonaton'ity Lalàna ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LALANA LAHARANA FAHA-2007-002**

**manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahan'ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Vaomiera Eoropeana momba ny fijoroana sy ny tombondahiny ary ny zo tsy azo tohinin'ny Solontena ny Vaomiera Eoropeana**

Nolanian'ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha-11 mey sy ny faha-29 mey 2007, izao Lalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany.**- Nomena alalana ny fankatoavana ny fifanarahana eo amin'ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Vaomiera Eoropeana momba ny fijoroana sy ny tombondahiny ary ny zo tsy azo tohinina ny Solontenan'ny Vaomiera Eoropeana.

**Andininy faha-2.**- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara izany Lalàna izany. Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

**Antananarivo, faha- 29 mey 2007**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMEIARAMPIRENENA, NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA,**

**MAHAFARITSY Samuel Razakanirina**

**RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

